**ILAY FANATITRA ARA-DRAFITR'ANDRIAMANITRA**

**TORITENY SABATA MARAINA 11 MARTSA 2017**

**Isaia 26:3 "Ny saina tsy miovaova dia arovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky anao izy."**

Ny fotoana inona no heverinao ho manan-danja indrindra eo amin'ny fanompoam-pivavahana iray? Inona no tena ivon'ny fiankohofana amin'Andriamanitra?

Ny fivavavahana fahagola dia fanompoam-pivavahana (cultus), ary ny ivon'io fanompoam-pivavahana (cultus) io dia ilay fotoana fanaovana sorona na fanatitra.

Amin'ny fotoana fanompoam-pivavahana iray, ny fotoana fanaovana fanatitra no mampitaintaina indrindra, manetriketrika indrindra. Tokony hifantoka tsara avokoa ny rehetra rehefa tonga io fotoana io. Io no ivon'ny fanopoam-pivavahana. Io no mampahatsiahy ny fanatitra faratampony nataon'Andriamanitra. Liana dia liana tamin'izany ny anjely rehetra tany an-danitra ary nanaraka ny fizotr'izany an-tsakany sy an-davany. Nangina ny lanitra manontolo tamin'izany.

## Pentatioka

Misy boky dimy nosoratan'I Mosesy dia antsoina hoe pentatioka izay ahitana ny bokin'ny Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, Nomery, Deotoronomia.

Ny bokin'ny Levitikosy no eo afovoany. Miresaka mikasika ny lalana mitondra mankamin'ny fahamasinana izany. Miresaka ny fomba fivavahana eken'Andriamanitra. Ny fomba fanaovana fanatitra no ivony.

Amin'ny bokin'ny Levitikosy indray, dia ny toko faha-16 kosa no ivony. Miresaka mikasika ny fanatitra izany, dia ny fanati-panavotana. Izany hoe io koa no ivon'ny Pentatioka manontolo.

Tsy ny boky dimy voalohany ihany anefa fa ny T.T iray manontolo dia mbola io fanatitra io no ivony. Tandindon'I Jesosy avokoa izy ireny. Ireo faminaniana goavana ao amin'ny TT dia manondro an'I Jesosy Ilay Zanak'ondry izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao.

## Testamenta Taloha

Adama sy Eva dia nandray tombony tamin'ny sorona nataon'Andriamanitra.

Kaina sy Abela dia samy nanolotra fanatitra.

Abrahama nanolotra an'Isaka.

Nanao fanatitra I Noa mianakavy raha vao nivoaka ny sambo fiara. "*Ary Noa dia nanorina alitara ho an'i Jehovah; ary ny biby madio rehetra sy ny vorona madio rehetra dia nanalany ka nataony fanatitra odorana teo ambonin'ny alitara.*" Genesisy 8:20.

Raha vao nivoaka ny fanandevozana tao Egypta ny zanak'Israely dia nasaina namono zanak'ondry ka natentina teo amin'ny tolana ny rany.

Ny fanompoam-pivavahana tao amin'ny fitoerana masina. Tany an'efitra kosa no nampianarin'Andriamanitra ny israely ny fisoronana tao amin'ny tabernakely. Noho izany dia fanao tany an'efitra ny fanolorana fanatitra.

Nasain'Andriamanitra notohizana izany rehefa tafita ny Jordana ry zareo ka niorim-ponenana tao amin' ny tany kanana.

Tamin'ny fotoana naha-babo ny vahoaka israely ihany no tsy nanaovany fanatitra ho an'Andriamanitra. Ny olona babo sy andevozina no tsy manao fanatitra. Ny olona tsy manao fanatitra dia olona babo sy mbola andevo, andevon'ny ota.

Rehefa tafaverina tamin'ny fahababoana ny vahoaka Israely dia ny famerenana amin'ny laoniny ny fanompoam-pivavahana fanatitra no hafatra nampitondrana ny mpaminany. Io no nahamaika sy natao laharam-pahamehana satria amin'ny alalan'izany ihany no fomba hamerenana amin'ny laoniny ny fihavanana sy ny fiankohofana amin'Andriamanitra.

Ny fivavahana na ny fomba fanompoana Ilay Andriamanitra Masina, dia noforonin'Andriamanitra Izy tenany ; ary ny sorona kosa, na ny fombafomba atao amin'izany io na ny endriny, no maha-fivavahana ny fivavahana. Raha tsy misy ny sorona atolotra , dia tsy nisy velively sady tsy hisy ny atao hoe fivavahana.

**Asa raha voamarikao fa rehefa avy amin'Andriamanitra ny tsirin-kevitra dia Zanak'ondry mandrakariva no atao fanatitra.**

1- Tao amin'ny saha Edena ohatra. Fanatitra nataon'Andriamanitra, Ilay Zanak'ondry izay voavono hatry ny nanorenana izao tontolo izao.

2- Tamin'ny nitondrana ny zanak'Israely nivoaka tamin'ny fanandevozana tany Egypta. "*Zanak'ondry tsy misy kilema, dia lahy izay iray taona, no halainareo; halainareo amin'ny ondry na amin'ny osy izy;"* Eksodosy 12:5.

Jesosy no ivon'ny T.T. Hoy Jesosy: "Dinihinareo ny Soratra Masina…..Ireny no manambara Ahy" . Satria tsy mbola voasoratra ny TV fony Izy nilaza izany, mazava loatra fa ny TT no notondroiny amin'izany. Manondro an''I Jesosy avokoa ireo fanompoam-pivavahana sy faminaniana tao amin'ny T.T.

3- Fahatanterahan'ireny kosa ny TV. Ny fanatitra nataon'I Kristy no ivon'ny TV, dia ny nanolorany ny ainy teo an-kazo fijaliana. Kristy no haren'ny lanitra manontolo. Izy no crème teo amin'ny mofomamy. Rehefa miala ny crème dia very ny maha-mofomamy ny mofo.

"Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao." Jaona 1:29.

Nanomboka tamin'ny sorona mandrakariva ireo vanim-potoana manan-tantara: Adama sy Eva, fivoahana tao Egypta, ny vanim-potoana kristiana (Testamenta Vaovao). Zanak'ondry, zanak'ondry, zanak'ondry hatrany. Izany no fanatitra ara-drafitr'Andriamanitra (Offrande SYSTEMATIQUE).

"Nosoritan'ny fitondran'Andriamanitra ny planan'ny fanatitra ara-drafitra ho tombontsoa ho an'ny olona, ary mbola mitoetra manankery hatrany io plana io. Raha manaraka izany ny mpanompon'Andriamanitra dia samy ho mpiasa mavitrika eo amin'ny tanim-boaloboky ny Tompo avokoa izy ireo. » —Ellen G. W. Conseil à l'Econome, 186.

Ny bokin'ny Apokalypsy no boky farany indrinda ao amin'ny Baiboly. Azo lazaina fa izy no mamintina ny Baiboly iray manontolo. Miverina in-27 ny hoe Zanak'ondry ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy. Ilay Zanak'ondry no ivon'io boky farany io. Ny toko faha-12 -14 kosa no ivon'io boky io. Dia mbola ny fanandratana sy fankalazana Ilay Zanak'Ondry hatrany no votoatin-dresaka amin'izany.

Misy milaza aza fa raha very ny BOKY HAFA REHETRA ao amin'ny Baiboly fa voatahiry kosa ny toko faha 12-14 ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy, dia mbola azo lazaina fa manana ny Baiboly feno ihany satria mahafaoka ny foto-pinoana rehetra izany. Ireo mantsy dia miainga eo amin'ny famoronana, ny ady tany an-danitra, ny drafi-panavotana, ny fandravana farany sy ny lanitra vaovao.

Rehefa any an-danitra ny voavotra dia mbola ny Zanak'ondry no ivon'ny fianarana, fiankohofana sy ny fiderana mandritra ny mandrakizay. Apokalypsy 5:11-12 "Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan'aina ary ny loholona, ary ny issany dia alinalina sy arivoarivo, nanao tamin'ny feo mahery hoe: Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra."

Araka izay hita ao amin'ny Apokalypsy 7:17 dia mbola eo afovoan'ny seza fiandrianana no ahitana Azy. Tsy eo amin'ny sisiny fa eo afovoany. "Fa ny Zanak'ondry Izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy ka hitondra azy ho amin'ny loharanon'ny ranon'aina; ary hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny masony"

Tsy mila miandry any an-danitra anefa. Dieny ety an-tany dia io Zanak'ondry io koa no ivon'ny fiankohofantsika. Ny fanatitra ataontsika dia manondro sy mankalaza Azy avokoa. Na ny fanatitry ny manankarena na ny fanatitry ny mahantra dia manondro Azy.

**FANATITRA AZON'NY REHETRA ATOLOTRA**

1- Izay afaka manolotra dia nanolotra Zanak'ondry na zanak'osy (Lev 5:6); Izay tsy afaka kosa dia afaka nanolotra "domohina roa na zana-boromailala roa"(Lev 5: 7).

2- Ireo izay mety tsy afaka manolotra zanak'ondry dia afaka nanolotra domohina roan a zana-boromailala roa. Maria, renin'ny Tompontsika, dia nihanona tamin'ilay voromailala roa  na zana-boromailala araka ny ao amin'ny Lev 5:11.

3- Raha mihoatra ny fahafahany izany, dia afaka mitondra ampahany amin'ny "lafarinina tsara toto"(Lev 5 : 11). Ireo tena mahantra ka tsy afaka mitondra zana-boromailala dia afaka mitondra lafarinina tsara toto ampahafonon'ny efaha. **Ampahafonon'ny efaha** midika hoe ny kely indrindra. Manohina fo tokoa ny manamarika anjara voatokana hoentin'ny tena mahantra.

Ny sandan'ilay fanatitra dia nolanjaina araky ny toerana misy ny mpanome fanatitra. Ary mana-danja be eo imason'Andriamanitra isany hany ka tokony ho araka ny fahafahan'ny rehetra izany. Tsy afa-tsiny ny mahantra.
Ny hany tsy ekena dia ny tsy mitondra araka izay voalaza ao amin'ny Deotoronomia 16:16-17: "Ary aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehan'i Jehovah; fa aoka samy hanatitra izay zakany avy, araka ny fitahian'i Jehovah Andriamanitrao, izay omeny anao."

Mitondra fanatitra araka izay zakany:

Tsy miankina amin'ny fihetsem-pony fa miankina amin'izay toerana misy azy sy ny fananany. Tsy miankina amin'izay mety ho fitiavany na fankahalany ny mpisorona ny fanatitra entiny. Tsy miova izany. Raha ondry no fitondrany dia tsy mahazo mitondra koba tsara toto izy. Satria moa ny fanatitra izay entiny dia dorana ary arak any toro-marika nomen'Andriamanitra dia hanin'ny mpisorona . Tsy azony atao ny hoe koba tsara toto no ataony fanatitra fa ilay ondry matavy kosa omeny izay levita namany sy mifandray be aminy na mahafinaritra azy. Tsy hoe atolotra ho an'ny mpisorona na levita mpanao asa fanompoana ao amin'ny fitoerana masina mahafinaritra azy ny fanatitra entiny. Atolotra an'Andriamanitra ny fanatitra fa tsy ho an'olona.

Ny itovizany dia samy mitaratra ny sorona nataon'I Kristy ny fanatitra ataon'ny tsirairay. Tsy arakaraky ny haben ny fahotana fa arakaraky ny fananana. Tsaraina araka ny ampahany naloa miolotra amin'izay fananany. Ny sorona mantsy dia midika fahafoizana. Koa raha io no hamaritra ny fankasitrahan'Andriamanitra ny fiankohofana na tsia, dia tokony asiana fitandremana fatratra izany, atotona ao ny fifantohana, atao tsara omana, ny tsara indrindra sy izay tratry ny hery.

Ataovy azonao antoka fa ny fanatitra ataonao dia izay tena tokony ataonao tokoa. Ataovy tsapan'ny tenanao fa misy sorona tokoa ataonao amin'izany. Raha ondry no tokony entinao dia aoka ho ondry mandrakariva izany fa tsy miovaova araka ny fotoana. Satria ny crème no natolotr'Andriamanitra fa tsy nitsitsy ny Zanany Lahitokana Izy, dia aoka ho ny crème no atolotra ho setrin'izany fitiavana tsy hay tombanana izany.

**Isaia 26:3 "Ny saina tsy miovaova dia arovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky anao izy."**

Te hanasa anao aho hanao fanekena amin'Andriamanitra ny amin'izay tianao hatao sorona ho Azy. Tsy voady fa fanekena. Aoka hianao handinika ny fonao. Lazao an'Andriamanitra hoe, ankoatra ny ampahafolony izay efa fanaonao, firy isan-jaton'izay miditra aminao no mba tianao hatolotra Azy; na ohatrinona? Dia angataho izy hitahiry izany fanapahan-kevitrao izany. Miorena tsara amin'izany, ary aza miova fa tsy foana tsy akory ny fikelezanao aina. Aoka hatoky ny haren'ny fahasoavany sy ny teny fikasany hoe: "Ny saina tsy miovaova dia arovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky anao izy." Azontsika rehetra iarahana mamerina mafy ve izany teny mahafinaritra izany? ("Ny saina tsy miovaova dia arovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky anao izy.").

Andeha hataontsika an-tsoratra izany fa ny teny mantsy mandalo fa ny soratra mitoetra.

**Andriamanitra rehefa nanao fanekena dia soratany izany.**

**(Manaova antso ary ento am-bavaka ny fanapahan-kevitra)**

Pasitora RAFIDINJANAHARY Pierrot
Departemanta Fitantanam-Piainana Kristiana
Fivondronam-ben'ny Federasiona Ranomasim-be Indiana